**<u>Antananarivo, faha 18 febroary 2026</u>**

**<u>FANAMBARAN'NY FIRAISAMONIMPIRENENA</u>**

**<u>Fitakiana fiaraha-midinika momba ny lalankizoran'ny firenena sy fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly sy ny tsimatimanota</u>**

Efabolana izay no nitsirian'ny fanantenana teto Madagasikara taorian'ny tolon'ny olompirenena sy ny firodanan'ny Fitondrana feno kolikoly sy tsy mari-toerana teo aloha, nohon'ny fanitsakitsahana ny demokrasia, ny tsy fanajàna ny zo fototra maha-olona ary ny fifidianana marisarisa.

Ankasitrahana sy ankaherezina ireo tsara vita toy ny fitsinjovana ny mpiasampanjakàna tamin'ny nanondrotana ny karama, ny ezaka fampihenàna ny delestazy lava reny amin'ny faritra samihafa, famoahana ny gadra politika, ny fiandohan'ny famongorana ny fahavalompirenena izay tsy tokony atao mitanila, fananganana ny ministeram-panjakàna momba ny fanavaozana, ezaka diplômatika nahafahana nitandro sy nanohy ny fifandraisana iraisampirenena, fitandrovana ny firaisankinan'ny miaramila sy ny mpitandron'ny filaminana, fitsinjovana ireo tena marefo ka isan'izany ny fandraisana andraikitra maika (réponse d'urgence) ho an'ireo traboina noho ny loza voajanahary, fitsinjovana ny tontolo iainana tamin'ny fanitarana ny faritra arovana ary ny fanapahankevitra namiliana ny lalambe mikodàna tsy hanivatsiva ny tandavanala fa ho famoahana ny vokatra vary « Route du riz ».

Ankehitriny anefa, velompanahiana indray ny olompirenena : manjavozavo ny fanavaozana nandrandraina sy nanaovana vy very ny aina. **Tsy mazava ny momba ny fiaraha-midinika sy ny teny ierana mahakasika ny làlan-kizorana sy ny fomba hitantanana ny tetezamita**. Sarona anaty kabary zary kilalaonteny izany, ka ahely fa tsy anatin'ny vanim-potoanan'ny tetezamita i Madagasikara ankehitriny ary mbola ao anatin'ny Lalampanorenana. Tsahivina anefa fa ity fitondrana ity dia vokatry ny tolon'ny olompirenena ary mbola tsy nosedraina tamin'ny alalan'ny fifidianana.

**Tsapa araka izany fa :**

- Maro ireo fanapahan-kevitra, fanehoan-kevitra ary tranga avy amin'ny mpitondra no tsy manaraka ny làlampanorenena, tsy mangaharaha ary tsy miainga amin'ny dinika iarahana. Hita izany amin'ny fanendrena tomponandraikitra ivelan'ny mason-tsivana mazava, maneho kitranoantrano, ary manome vahana ny tombontsoan'ny vondron'olona miavaka, na ara-politika sy na ara-toekarena.
- Ambanin-javatra ny fihenoana ny hevitry ny olompirenena. Mandray fanapahan-kevitra ho fiarovana ny tombotsoan'olom-bitsy ny mpitondra, raha ny taratra amin'ny fivezivezena matetika any ivelan'ny Madagasikara izay entina hitadiavana fifanaraham-piaraha-miasa tsy mazava.
- Mibahana amin'ny fihetsika sy ny lahateny ny kajikajy ara-politika hamikiran-toerana maharitra. Io fomba io no manjary mibaiko ny asa ataon'ny tomponandraikitra isan'ambaratongany.

**Marefo ny fifampitokisana, mibaribary ny tsimatimanota**

Vokatr'izao toe-draharaha izao dia miha-marefo ny fifampitokisan'ny olompirenena sy ny mpitondra fanjakana ary indrindra ny fahatokisan'ny olompirenena ny zotran'ny fanavaozana. Hita taratra amin'ireo trangam-piarahamonina izay mihamafy sy mahery vaika. Singaninina amin'izany ny tranga

: fitsaram-bahoaka mahatsiravina tao Vakinankaratra (febroary 2026), izay endriky ny fivilian-dàlana mety hateraky ny fiarahamonina tsy misy mpitarika sy tsy voafehin'ny lalàna intsony. Mampibaribary koa ny tsy fahatokisana lalina ananan'ny vahoaka amin'ny rafitra ofisialy misahana ny fiarovana, ny rariny sy ny filaminana.

Ireny fitsarambahoaka mahery vaika ireny, laroina tsaho ary saronan'ny fahanginanan'ny mpitondra, dia mampiharihary ny tsimatimanota, izay manosika ny olompirenena hihevitra fa azony raisina mivantana ny andraikitry ny Fitsarana.Tsy tranga tokana akory izany, hany ka mampametra-panontaniana momba ny andraikitry ny mpitondra sy ny fahafahan'ny andrimpanjakana miaro sy mitsara am-pahamarinana.

Mampanontany tena koa ny momba ny fetran'ny tetezamita izay mbola mandalo fahasahiranana amin'ny famerenana ny fahefan'ny Fitondrana sy ny fitokisan'ny olompirenena rehetra.

Noho ireo antony ireo no anaovanay firaisamonim-pirenena fitakiana mba ho fiarovana ny tolona niaraha-nanatanteraka ho tombontsoa ambony sy maharitry ny firenena sy ny olompirenena rehetra.

**Hevitra hiatrehana ny Fanavaozana**

Ireto no soso-kevitra fototra dimy heverinay manan-danja hiatrehantsika ny Fanavaozana marina.

**1. Fanantanterahana haingana ny fikaonan-dohampirenena iaraha-midinika** sy hanaovana teny ierana ny vina, ny iraka, ny tanjona sy ireo lahara-pahamehana ary ny fomba fanatanterahana ny asa mandritra ny fitondrana tetezamita. Tamin'ny fifampiresahana voalohany niarahana tamin'ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara dia naneho fahavononana izy hametraka fifampidinihana mba ho marimpototra ny fitondrana tetezamita tarihiny sy hazava ny ny lalan-kizorana. Tsy tanteraka izany ankehitriny, ary hita toa efa mifikitra sy mamatotra ireo hery ara-politika sy ara-ekonomika vitsivitsy izay nahazo toerana sy tombontsoa noho ilay fametrahana governemanta ankamehana, tsy niainga tamin'ny fiaraha-midinika.

**2. Ireo filàna notakiana nandritra ny tolona no atao lahara-pahamehana hotanterahin'izao fitondrana izao.** Ohatra amin'izany ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny jiro sy rano tsara kalitao sady takatry ny daholobe, ny fametrahana fitantanana mangarahara, ny fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly na eo amin'ny fitantanana ara-bola, na amin'ny fomba fanapahan-kevitra ho an'ny harenam-pirenena, na amin'ny fitsinjaram-pahefana. Tsy manao fifanarahana mamatotra ny firenena amin'ny lavitr'ezaka[1], satria fitondrana mari-toerana avy amin'ny fifidianana eken'ny rehetra no miandraikitra izany, na farafahakeliny fitondrana manatanteraka tondrozotra vokatry ny fiaraha-midiniky ny rehetra sy ny teny ierana.

**3. Hafainganina ny fanavaozana ny andrim-panjakana sy ny lalàna samihafa** ka lehibe amin'izany ny dinika mety hanovana ny lalàm-panorenena ; ny fanafoanana ireo andrim-panjakana « manery ny fanapahan-kevitra » hiarovana ny toerany sy ny tombotsoany toy ny Fitsarana avo momba ny lalàmpanorenana (HCC) sy ny Antenimierampirenena (AN) ; ny fanavaozana ny lalàm-pifidianana sy ny lisi-pifidianana mba ho voatazona ny fampanantenana hoe 24 volana ihany no faharetan'ny fitondrana tetezamita. Izay no ahafahana mametraka ny fitondrana miainga amin'ny fifidianana

[1] Ny permis minier avoakan'ny régime de transition ohatra dia tokony tsy manan-kery mihoatra ny période de transition.

marina sy andraisan'ny rehetra anjara ka hampiverina ny fahatokisan'ny olompirenena ny zotry ny fanavaozana. Marihina fa mila 12 volana raha haingana indrindra, raha ny fanavaozana ny lisi-pifidianana fotsiny. Betsaka ny fanehoana ny tsy fahatokisana ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) ankehitriny, ka mila heverina haingana ny fanavaozana ny Rafitra mikirakira ny fifidianana.

**4. Aoka hanao fanambarana ampahibemaso mazava ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblikan'i Madagasikara raha hilatsaka ho fidiana na tsia** mba tsy hisy firoaroan-tsaina amin'ny mety ho fitaka any aoriana. Raha tena "fitiavan-tanindrazana fa tsy fitiavan-tena" araka ny voalaza no andraisana andraikitra, dia takianay firaisamonimpirenena ireo mpanao politika na olompirena misahana andraikitra ambony eo anivon'ny Fitondrana ankehitriny **tsy hirotsaka hofidiana amin'ny sehatra nasionaly** (Depiote, Loholona, Filohampirenena). Izany dia hisorohana ny fampiasana fahefana, fitaovana, sy ny olona ary ny volam-panjakana mandritra ny fitondrana tetezamita mba hahazoany tombony manokana amin'ny fifidianana manaraka. Efa niadiana ary lavina marindrano rahateo ny fiifanoheran'ny tombontsoa (Conflits d'intérêts) satria mampanjaka ny kolikoly sy ny fitiavan-tena.

**5. Hafainganina ny fandraisan'andraikitra mazava sy hita maso avy amin'ny mpitondra, amin'ny fanamafisana ny filaminana sy ny fitsarana ara-drariny sy ara-potoana**. Ny fanamafisana ny fisian'ny mpitandro ny filaminana, ny fandraisana andraikitra haingana sy tsy mitanila amin'ny raharaha heloka bevava, ary ny fampahafantarana mazava ny olompirenena dia hisorohana ny fitsarana an-dalambe sy hamerenana ny fitokisan'ny olompirenena amin'ny Fanjakana. Ny tsy fandraisana andraikitra na ny fahataràna dia ahiana hampitombo ny y herisetra sy fahapotehan'ny firaisankina.

Ireo no miantoka ny fanatsarana ny fitondrana tetezamita ankehitriny, ny fametrahana fototra tsara sy maharitra ho an'ny fanavaozana ny firenena. Ireo koa no hamelona indray i fanantenana ny fiharenan'i Madagasikara, lavitry ny krizy politika lavareny izay mihazona ao anaty fahantrana.

Ireo koa dia hanafoana ny fitondrana miainga amin'ny fitiavan-tena mamotika firenena ka manome vahana ny "didy jadona" sy "tia kely" ataon'ny karazan'olona samihafa, ary indrindra ny fambaboana fanjakana (capture de l'Etat), izay varavarana misokatra ho an'ny kolikoly sy famoretana amin'ny endriny rehetra.

**Ho an'ny tanindrazana sy ny taninjanaka dia mandray andraikitra ny firaisamonim-pirenena mijoro ary miteny an-kalalahana sady tsy mijery arina an-tava mba hananana fitondrana mari-pototra sy maharitra isika.**

**Fikambanana miisa 329 manao sonia :**

Mouvement ROHY

A.A.M

A.JE.DI.FO (Association des Jeunes Diplômés de Fort-Dauphin)

Actions sans frontières

AFAFI

AJAS SOanirana Ivingo

AJBR à Besalampy

AJEF (Association des Jeunes Électriciens de Fort-Dauphin)

AJL Mahajanga

AJPM Vonona Melaky

Ala maitso Melaky

ALJM Atsimo Atsinanana,

Alliance AIKA

AMA Androy

AMBININTSOA

Ampela Miray Asa, les Héritiers du sud

Ampela MIVEY VATA Androy

ANJARASOA Melaky

Aska

ASS KINGASAY

Ass Tantsaha miavotra

Association  Ezaka Fanantenana.

ASSOCIATION AESA

Association Aina

Association Aina miray

Association AMBININTSOA

Association Ankizy

Association Apro

Association AROFANINA

Association ASPF

Association Avotra miaradia.

Association des Femmes Leaders Betsiboka

Association des Jeunes Créatifs et Innovateurs (AJCI) Sofia

Association des Jeunes Dynamiques

Association des Jeunes dynamiques Vondrozo

Association des jeunes et Femmes Environnementaliste Androy,

Association DIARAIKY

Association Ezaka

ASSOCIATION FAMELOGNO

Association FAMELONA

Association Famille Verte

Association Fanambinantsoa

Association Fanamby

Association FANAMBY Anosy

Association Fanantenana

Association Fanilo

Association FANJIRY Tsihombe

Association FANOITRA- TOLIARA

Association Fanomezantsoa

Association FEFFI TAFITA

Association FIAMA VAOVAO Moramanga.

Association Finaritra.

Association Fiombonana

Association Fisemia.

Association FITEA

Association Fitia Faniriantsoa

Association Fitily

Association Fivemi

Association GRPRESANTE

Association Handroso

Association HARENA,

Association IZARA Antsirabe

Association JAD

Association JOHARY

Association Liantsoa

Association MADACOEUR

Association Mahasoa.

Association Mahatoky

Association MAHAVOKATRA

Association mandray andrakitra

Association Mevasoa

Association Miaramiezaka

Association Mihary

Association miraihina

Association Mirindra

Association Mitsinjo Arivonimamo

Association Mitsinjo.

Association Mivoatra.

Association Move on

Association NYFINOHA

Association Sambiamanagna

Association SAPHIRD (Socle d'Appui pour les Personnes Handicapées Inclusif dans le Respect des Droits)

Association SEMBANA MIRAIHINA

Association SMART

Association Soa Iombonana

Association Tanora Miavotra

Association Tantsaha Mikôhy Fandrosoa (TAMF)

Association TATAMO

Association Tohana I

Association Tsimbina

Association Tsiry

Association Vehivavy Miaradia

Association Voary Maitso

Association Vonantsinana

Association Y-connect

Association Y-connect Fitovinagny

ATEFA Androy

AVAGNA Maroantsetra

AVAGNA Maroantsetra Région Ambatosoa

AVARA

AVG

BIMTT

CCOC

CEDII

CINQ FRÈRES AMBOASARY SUD

CJV VONONA Melaky

CNPE

Coalition Nationale des OSC pour la Pêche et Économie Bleue (CNOSCPEB)

COJEAA Atsimo Andrefana

Comité de Sages

Consortium des Jeunes VONONA MELAKY

Coop JAVA

Coopérative Ainga.

Coopérative Avotra.

Coopérative Ezaka 2

Coopérative Fanambinana

Coopérative Fanamby

Coopérative Faneva B

Coopérative Fanilo

Coopérative Fanirisoa

Coopérative Fitahiana

Coopérative FMTV.

Coopérative KATAMA

Coopérative Liantsoa

Coopérative Manda

Coopérative Mendrika.

Coopérative Miaradia

Coopérative Miaramandroso.

Coopérative Miarantsoa.

Coopérative Mikolo

Coopérative MIRAY

Coopérative Mirindra

Coopérative Reny Miavotra

Coopérative Safidy.

Coopérative Tafa.Coop Ascari.

Coopérative Tamia

Coopérative Tanjona

Coopérative Tantsaha Miarina

Coopérative Taratra vatosoa.

Coopérative Tmf

Coopérative Tsimoka.

Coopérative Vomifaf

Coopératve FAHASOAVANA Androy

Croix Rouge

CROSCPEBRA

DIAMIRA Melaky

DRV

EDSM Moramanga

FAFAMA Moramanga

FANEVAN'ANKAY Moramanga

FANJIRY Tsihombe

FANONGA FOKONOLONA

FBBM,

FBMM (Fikambanam-Behivavy Malagasy Mihaotra)

FDA (Focus Development Association)

Fédération de Pêcheurs TAMBATSY MASOARIVO

Femme AVOTRA à MANOMBO

Femme FANANTENANA Ankelilaly

Femme MIRARISOA à SAHOANY

Femme MIRAY à Benjavilo

FFTA Miandrivazo

FIANTSO

Fibetsi Melaky

FIFADEVA Vavatenina

FIHAME Melaky

FIHAROA à SAHOANY

Fikambanan'ny mpanao gazety tsy miankina,

Fikambanana AFAFI

Fikambanana Mpagnazary

Fikambanny zokiolona,

FIMAMA à TRANGAHY (Ankeriky)

FIMIFA Androy

FISEFI Ihorombe

FISEMIA Androy

FITA Moramanga

FITABE à BENJAVILO

FITAIKANDRO SAVA

FITOVE à Mandrozo (VEROMANGA)

FIVOMA à Mandrozo ( Bemokotra)

FIZAMI (TSIMEMBO) MASOARIVO

FTMF

FTMM Melaky

FVT SAVA

GEDY-B (Groupe des Etudiants Dynamiques et Bénévoles) Menabe

GIDEM association

GRPRESANTE Ambovombe Androy

HARENA

HERY Miray

HFKF

HINA

HT7V Manakara Fitivinany

IKM

Kaoperativa TARATRA

Kinanga Mampitohy Androy

Korao à  TRANGAHY

L'AFA Melaky

Liberty 32

Mahalomba Melaky

MAHASOA à Ankelilaly

MAZAVA SAINA SAVA

MIAVOTENA SAVA

MIFAMA

MIFIMA Androy

Mirangasoa Melaky

MIRARISOA Androy

Move On Adroy

MSIS Tatao

NOSYW

Ny ASSOCIATION FAMELOGNO

Ny Association IZARA Antsirabe

NY FINOHA

Ny PFROSC Fitovinagny

OBS Mada Anôsy

Obs Mada Ihorombe TTOI

Observatoire National des Droits Humains (ONDH)

ODH Anôsy

ONDH

ONG 3A

ONG 3A SAVA

ONG ADev (Androy Development )

ONG ALT

ONG AVIA

ONG AZAFADY

ONG Déchets et Assainissement

ONG FARAVEHIVAVY

ONG FIVOY BOENY

ONG FLASH MAD

ONG GMOM

ONG HINA

ONG ILONTSERA

ONG IVORARY

ONG SOS AUX JEUNES DE MADAGASCAR

ONG TOLOTSOA

ORDH

OSC Magnarigny Ambilobe

OSCIE

PCDISM Sainte Marie

PFDOSC Mahampy

PFNOSCM (Plate-Forme Nationale des Organisations de la Société Civile)

PFROSC ALAOTRA MANGORO

PFROSC AMORON'I MANIA

PFROSC ANDRIAMBO Fitovinagny

PFROSC Anosy

PFROSC Askagny Atsimo Atsinanana,

PFROSC Betsiboka

PFROSC BOENY

PFROSC Fitovinagny

PFROSC Vakinakaratra

PFROSC VATOVAVY

PFROSC VOIFIRAISANA ANDROY

PFROSCAA (Plate-Forme Régionale des OSC Atsimo Andrefana)

Plate-forme des Organisations de la Societe Civile Moramanga

Plateforme des OSCs RAFIA Melaky

Plateforme FITAVAMI

Plate-forme Loharangitra

Plateforme Régionale de la Jeunnesse Maraondavaky,

PROSC Alaotra Mangoro

PROSC Analanjirofo

PROSC Anosy

PROSCI (Plate-forme Régional des Organisations de la Société Civile Ihorombe)

PSBED

PVTA Androy

RARY ARO KINTANA ATSIMO

Ravintsara

Ren Miray lahatse Androy

RENAFEP MADA

Réseau des jeunes Obs Mada Betsiboka

Réseau des jeunes Obs-Mada Atsimo-Andrefana

RJDL

RJDL Fitovinagny

RMDC

RMH

SAF/Fjkm

SAFIDIM-PO MIRAY Androy

SAMAKA (TSIMEMBO) MASOARIVO

Sambiamanagna

SAPHIRD (Socle d'Appui pour les Personnes Handicapées Inclusif dans le Respect des Droits)

SAVA REPORTERS SAVA

SEHATRA IOMBONANA HOAN'NY FANANANTANY (SIF)

SFDA (Solidarité des Femmes pour le Devéloppement)

SIF (Sehatra iombonana ho an’ny fananantany)

Simiralenta

Soatiry Melaky

SVA Androy

Syndicat personnel enseignement technique,

TAFA Madagascar

Tafo Mihaavo

TAMAMPIRAPI

Tambazotra Réseau Alliance de l'Education non-formelle

TAMIHO SAVA

Tanjona Melaky

TANORA MIARINA PROJECT

Tanora Mitraoke étoiles Bekily (TA.MI.BE)

TANORA TARATRY NY HO AVY

Tantsaha Mikôhy Fandrosoa (TAMF), Soanierana - Taolagnaro - Anôsy.

TATOVA

TEHEZA Vonona Melaky

TI-MG (Transparency International Initiative Madagascar (TI-MG)

TMF

TMHB

TNMF

Tranobe gne Fahalalahagny Grand Sud Est

TTOI Ihorombe

TVMA

Vahapiky

Valo martsa,

VAMM Androy,

VARA Androy

Vemimafa

VEZO MISARIAKY  à SAHOANY

VOHIFIRAISANA Analamanga

VOI MAHATSARA TRANGAHY

VOI MATEZASOA à Mafiovy

Voi Vonona  Melaky

Vonogny

Vonona Androy

VVF

VVMH Moramanga

Y-CONNECT

ZAMAMI à Mandrozo (Andranovao)